# Salamo 68:7-14 – Mofonaina Alarobia 10 Jolay 2024

**HAFATRA**

**Intro:**

- **Salamo 68:** Fiantsoana ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny ady (and. 1-2) ary fiantsoana ny fanjakana rehetra hanaiky ny Herin'Andriamanitra (and. 32-35).

**Salamo 68:7-14:**

- Manoritra ny nivoahan'ny Zanak'Isiraely avy any Egypta sy ny nitondran'Andriamanitra azy tamin'ny heriny.
- **Andininy faha-9:** Miara mandeha amin'ny Tompo Andriamanitrao.

## 1. Ranonoram-pitahiana

**Hafatra:**

- Mahafantatra ny ilainao eny am-pandehanana ny Tompo Andriamanitrao.
- Malala-tanana Andriamanitra, tsy mahihitra fitahiana Izy. (Zanak'Isiraely tany an'efitra: mana sy papelika, ny vatolampy sy ny rano… Fitafiana sy kapa tsy rovitra).

**PTQ:**

- Hanin-kohanina.
- Rano ho sotroina.
- Fitafiana eny an-koditra…

**ANTSO:**

- Tsarovy fa tsy mahihitra fitahiana ny Andriamanitra

miara-mandeha aminao.

## 2. Lovan’Andriamanitra

**Hafatra:**

- Mikajy anao eny am-pandehanana ny Tompo Andriamanitrao.
- Zavatra mahasarotiny ny lova.
- Mamakivaky ny tantara ny lova, mitahiry ny fihavanana ny lova.

**PTQ:**

- Hadinon’Andriamanitra aho, tsy hitany ny lalako kanefa izy mihitsy no natory niala tamin’ny lalan’Andriamanitra ka tra-doza.

**ANTSO:**

- Tsarovy fa mihevitra anao toy ny lovany ny Tompo Andriamanitrao: Mitsinjo sy mikajy anao Izy. Lovan’Andriamanitra ianao.

## 3. Novelombelomin’Andriamanitra

**Hafatra:**

- Manavao anao eny am-pandehanana ny Tompo Andriamanitrao.
- Mety ho reraka (Kotra) na maty isika fa mamelona Izy (Salamo 23).

**PTQ:**

- Manenina ny amin’ny fisiany.
- Milaza fa diso fanapahan-kevitra dia vizaka tanteraka.
- Maro no mandeha toy ny voninkazo nafindra dia malazo. Mila famelomana.
- Betsaka ny kotra. Mila fampaherezana.

**ANTSO:**

- Tsarovy fa te hamelona sy hampisy tsimoka vaovao eo aminao indray ny Tompo.